Fiangonan'i Jesoa Kristy eto Madagasikara
SYNODAM-PARITANY ANTANANARIVO ATSIMO
Fitandremana ANKADIMBAHOAKA

# SAMPANA SEKOLY ALAHADY

**<u>KILASY</u> : VOALOHANY**

**<u>Lesona</u>** : VOALOHANY

« ***NY NAMORONAN'ANDRIAMANITRA IZAO TONTOLO IZAO*** » Genesisy : 1[1-26]

Tamin'ny voaloahany Andriamanitra dia namorina ny zavatra rehetra sy izay rehetra ao aminy. Nanao ny KINTANA, ny RANOMASINA ary ireo BIBY.

FALY be Andriamanitra tamin'izay rehetra vitany. Fa ny nataony farany sady tena niavaka tamin'ny famoronana rehetra dia ny OLOMBELONA.

Mahagaga ny namboaran'Andriamanitra ny OLONA satria tsy mba tahaka izay rehetra teo aloha tamin'ny alalan'ny teny fotsiny (oh: Misia mazava…). Fa isika olombelona kosa dia miavaka ny nanaboarany antsika.

Izany hoe: naka vovo-tany izy dia namboarany sy novolavolainy. Sahala amin'ny sary vongana vita amin'ny fotaka. Izy Andriamanitra mihintsy no nanao izany ary avy eo rankizy dia nasiany fofonaina mahavelona teo amin'ny vavorony (lavak'orona anankiroa), dia lasa OLOMBELONA.

Izany fofonaina mahavelona izany dia Andriamanitra ihany no mahavita izany rehetra izany. Izy irery no manana izany.

Koa arak'izay rentsika teo ary rankizy dia tokony isika hanaja ny voarin'Andriamanitra satria tsara ny zavatra rehetra nataony.

**<u>TSIANJERY</u>** : 1 Timoty 4 and 4 « ***Fa ny zavatra rehetra nataon'Andriamanitra dia tsara avokoa*** » Dia ho an'Andriamanitra irery ny voninahitra, AMENA

Ny Mpampianatra RAHANTAMALALA Hanitriniaina

# SAMPANA SEKOLY ALAHADY

**KILASY : Voalohany**

**Lesona : FITIN-DESOLANA**

**Andro I** : Misy mazava

**Andro II** : Habakabaka na ny Lanitra tamin'ny alalan'ny Teny

**Andro III** : Ranomasina, Tany maina, Hahitra

***Tsianjery* : « Azy ny ranomasina, fa izy no nanao Azy ary ny tanimaina noforonin'ny Tanany ».**

**Andro IV** : Misy fahazavana karazany telo : dia ny Kitana, Volana, Masoandro

***Tsianjery* : « Anao ny andro, Anao koa ny alina, Ianao nanamboatra ny fanazavana, indrindra fa ny masoandro » ;**

***HIRA*** :

Iza no namorona ny tany sy ny lanitra ?

Trondro sy ny vorona, moa tsy Andriamanitra

Ry masoandro iry sy ireo fahazavana

Hay Izy hoe : « misy a ! dia indro misy izany. »

Izay rehetra vita dia hitany fa tsara,

Tsy misy mitomika, fa tsara karakara

Moa tsy toy izany no nanaovany ahy

Tsy vatako ihany, fa saina sy fanahy (x2)

Ny Mpampianatra RAMANITRA Lalao